Ny tantaran'i

# ANSELME LANTURLU



# MASOANDRO MAROBE AN-DAVITRISANY

Jean~Pierre Petit




**Nandika teny : Tantely RANDRIAMITANTSOA**
**Lohateny niaingàna : Mille milliards de soleils**

# FAMPITANDREMANA




TENA MINO VE IANAO
RY TIREZIASY FA ILAY KINTANA
MANAN-DRAMBON'I HALLEY INY ?
TENA
MATOKY
AHO


NY TANTARA IZAY HASEHONAY ANAREO IZAO TAKARIVA IZAO DIA TOHIN'NY BIG BANG. 100000 TAONA IZAO TONTOLO IZAO TAMIN'NY NANOMBOHAN'ITY TANTARA ITY. NOHO NY ANTONY ARA-TEKNIKA DIA NOVAINA KELY NY RAVAKY NY SEHATRA

# ILAY PLANETA-TONTOLO








* NdT : NOHEVERIN'I ANSELME FA MITSINGEVANA ANDRIAMANITRA SATRIA LALINA BE ILAY RANO. I SOFIA ANEFA NAHATSAPA FA EFA TAKATRY NY TONGOTRA NY HALALIN'ILAY RANO, IZANY HOE EFA NIHENA IZY




(*) JEREO NY BOKY **BIG BANG**




(*) MIFANDRAIKA AMIN'NY **HALAVAN'ONJA**M-PÔTÔNA NY SAVAIVON'NY LOAKA IRAY







# FIFAMALIAÑASA ZAKA-FISANDRAHANA




RAHA AO AMBANIN'NY 3000° DIA MISOSA MALALAKA EO AMBONIN'NY **ATIM-PISANDRAHAKY NY TONTOLO** NY **ZAKA**
RAHA
FA, **MANINONA** LEAZA ?
NY ATOMA, RY LEON, DIA RAFETIN'NY ÔVANA MANANA FAHANA MIABO, SY BARIA MANANA FAHANA MIIBA A.
HIDROZENA
HELIÔMA
AO AMBANIN'NY **3000°** DIA MIHA-MAHERY VAIKA NY **FIHETSIKETSEHANA ARA-PANA**, ARY IREO **FIFANDONANA** EO ANIVON'NY ATOMA DIA MANAKANA NY BARIA TSY HIODIDINA TSARA AN'IREO ÔVANA...
DIA **AFAKA** IREO BARIA ARY LAZAINA FA **HARY RIO** ILAY **ZAKA**
ENY ARY, DIA MANINONA ?
NY **HAZAVANA** DIA MIFANARAKA AMIN'NY FIHETSIKY NY **FÔTÔNA** FA **SADY ONJA ANJANANDRIANARATRA IHANY KOA** IZY, IZANY HOE KABIÑON'NY ERANA
ARY IREO BARIA MAIVANA NO MAHATSAPA BEBE KOKOA AN'IO KABIÑO IO NOHO IREO ÔVANA MAVESATRA
!







(*) JEREO NY BOKY SARIITATRA "SI ON VOLAIT ?"





# FANASARAHANA NY TAMBA-DROA






# FIOVAOVAN'NY FIFAMPISINTONAN-KERY




 (*) LAZAINA ARY FA MISY **SAHAM-PIFAMPISINTONAN-KERY** MIFORONA, EO


TSY DIA HITA LOATRA IREO LOAKA IREO
TOA MIHANDRONA IZANY ZAVATRA IZANY
MBOLA **MIHIZINA** LOATRA ILAY SAVORINALA KA TSY AFAKA MIHALALINA IREO LOAKA IREO. NA PETSAPETSA LEHIBE AZA DIA TSY MAHAFORONA AFA-TSY FIVOLAN-TSINANA KELY FOTSINY. TSY MAINTSY ANDRASANTSIKA HALEFAKA KOKOA ALOHA NY TONTOLO MBA HAHATONGA AN'ILAY ANDRY HO MALEFOLEFO KOKOA...
... MBOLA TELO AMPAHAALIN'NY SOSONDRIVOTRA FOTSINY IZAO NY **TSINDRIN-TARATRA**
TELO AMPAHAALIN'NY SOSONDRIVOTRA !... DIA LAZAINAREO FA TSINDRY TAFAHOATRA VE IZANY ?
KELY LOATRA NY **FIFAMPISINTONAN-KERY** KA IO TSINDRY IO AZA DIA AFAKA MANOHI-TRA NY VOKANY
HAY, MARINA IZANY... IO HERY IO NO KELY INDRINDRA AMIN'IREO REHETRA MANETSIKA AN'IZAO TONTOLO IZAO
NOHO IZANY DIA VOASAKAN' NY FIHIZINAN'ILAY SAVORINALA (TSINDRIN-TARATRA) TSY HIHA-LALINA NY LOAKA AMIN'ILAY ANDRY ARY VOASAKANA TSY HANDRANO KOA NY ZAKA. AHENAN'NY FIITARAN'NY TONTOLO IO FIHI-ZINANA IO, IO TSINDRY IO. FA MANDRA-PAHOVIANA KOSA ANEFA ISIKA NO HIANDRY NY FIFAMPISINTONAN-KERY HANDRESY IZANY REHETRA IZANY ?
EO HO EO AMIN'NY **4,5** ARIVO TAPITRISA TAONA EO





# NY REFIN'I JEANS







FAHAROAN'IZAY, REHEFA **MAFANA** KOKOA NY ZAKA DIA MIPARITAKA **HAINGAKAINGANA** KOKOA IZY
MAZAVA HO AZY : MIRA TSINDRY NY MARI-PANA : ARAKARAKY NY MAMPAFANA ILAY ZAVATRA NO MAMPITOMBO IREO HERY MANAPARITAKA AZY, IREO HERIN-TSINDRY.
ZAKA
ANDRIAMANITRO Ô, IZANY KORONTANA E!
NITOMBO IZANY NY FAHALALANA NANANAKO MIKASIKA NY FOMBA FIPARITAHAN'NY PETSAPETSAN-DRAHA. TSARA IZANY, DINGANA FAHAROA : TSY MAMORONA **HAKITROKA TAFAHOATRA** AHO, FA AMPITOMBOIKO ARAKA IZAY FAHAIZAKO AZY NY FIVOLAN-TSINAN'NY ANDRY AFA-MIZOZOTRA
1
P (LANJAN'ISAM-BENTIN-KADIRY)
2
3
IO DEBOKA VOATROLOMBELONA IO DIA MIHA-FENO MANDRITRA NY FOTOANA IRAY ANTSOINA HOE **FOTOAM-PITOMBOANA**, IZAY FOHY KOKOA RAHA LEHIBE NY HATEVIN'ILAY RANOKA (IZAY MISOLO NY LANJAN'ISAM-BENTIN-KADIRY)
IZAO DIA AMPIRAISINA SISA IREO VOKATRA ROA IREO...



1
d
2
3
NY KORONTANA KELY IRAY DIA HIPARITAKA AO ANATIN'NY FOTOANA FOHY. TSY HANAMPOTOANA HITOMBOANA AKORY IZY ARY NY FIHENAN-DRANOKA AO ANATIN'ILAY DEBOKA DIA HALAKY KOKOA NOHO NY FITOMBOANY.
NY KORONTANA **BE VELARANA** KOSA DIA HIPARITAKA MANDRITRA NY FOTOANA **ELAELA**. HANDRESY NY FIHENANA NY FITOMBOAN-DRANOKA KA HITOMBO HATRANY IO KORONTANA IO
1
ZAKA
D
2
3
ARY MIHEVITRA AHO FA ANGAMBA MISY TANA FETRA IRAY ISEHOAN'IO FITOMBOANA IO ?




(*) SIR JAMES JEANS, MPAHAIKINTANA ANGLISY (1877-1946)




# NY TONTOLOBE











(*) NY **MARI-PANA** DIA FANDREFESANA NY SALAN'ANGOVON-KAFAINGANAN'NY HETSIK'IREO SINGAFOTOTRA, AO ANATIN'NY RANOKA IRAY


VONDROM-BAHIN-DANITRA
VAHINDANITRA AN-JATONY NA AN'ARIVONY MARO
VAHINDANITRA
FIKAMBANAM-PIANDOHAM-BONDRON-KINTANA
FIANDOHAM-BONDRON-KINTANA
ANDIAN-KINTANA HARY RIO MAHATRATRA 3000° SY MANANA MASOANDRO 10000 HATRAMIN'NY 100000 ISA
IZAO TONTOLO IZAO DIA TOERANA ISEHOAN'NY FISARATSARAHANA MANARAKA AMBARATONGA MARO
ARY MIHEVITRA AHO FA MITOHY HATRANY TSY MISY FARANY IZANY ZAVATRA IZANY
ARY NY HAVALIKO AN'IZAY DIA HOE : TSIA !
FA NAHOANA ?
RAHA MAMORONA DEBOKA AN-KERISETRA ETO AN-TOERANA AHO, IZANY HOE FIVOLAN-TSINANA AO AMIN' ILAY ANDRY...
...DIA HIELY EO AMIN'NY MANODIDINA EO, HANARAKA HAFAINGANANA 300000Km/s IO LOAKA IO, IO FIVOLAN-TSINAN'NY ANDRY IO.


NOHO IZANY ANIE DIA... HAZAVANA NO MIELY EO E ?
TSIA, ONJAM-PIVOLAN-TSINANA IO, ONJAM-PIFAMPISINTONAN-KERY
MIELY MANARAKA HAFAINGANANA MITOVY AMIN'NY AN'NY HAZAVANA NY SAHAM-PIFAMPISINTONAN-KERY
IO FIELEZAN'NY FIVOLAN-TSINANA IO DIA AHAFAHAN'NY FANDRANON-JAKA "MANASA" NY ZAKA EO AMIN'NY MANODIDINA EO, HIARAKA AMINY.
AVIA DAHOLO IANAREO
TARATASY FIANTSOANA
300.000 km/s
TARATASY FIANTSOANA
RAHA TOA KA MISY FIOVAOVAN'NY FIFAMPISINTONAN-KERY EO AMIN'NY FARITRA IRAIN'NY ERANA MANANA SAVAIVO D, DIA TSY MAINTSY KELY NOHO NY Ct IO KA NY C NO HAFAINGANAN-KAZAVANA ARY NY t NO TAONA NIAINAN'IZAO TONTOLO ZAO
FA MANINONA NO HOE TSY MAINTSY ?


AZOKO, TENA AZOKO. ERITRERETO HOE MANDEFA TARATASY HIANTSOANA OLONA HIVORY AFAKA 4 ANDRO IANAO. FARAFAHA-ALAVITRA DIA IREO OLONA ETO AMIN'NY FIRENENA NO AZONAO ASAINA. TSY VITA KOSA IZANY RAHA IVELAN'IZAY NOHO NY TSY FAHAMPIAN'NY FOTOANA.
MAZAVA BE IZANY ! TSY AZO ERITRERETINA AKORY NY HANASA OLONA HIVORY AO ANATIN' NY FOTOANA FOHY NOHO NY FOTOANA HAHATONGAVAN'NY TARATASY ANY AMINY.
MANONDRO ZATO TAPITRISA TAONA NY **FANDREFIFOTOANA**. **NOHO IZANY**, IREO RAFITRA MIVELATRA INDRINDRA MISY AMIN'IZAO FOTOANA IZAO DIA MANANA SAVAIVO LATSAKY NY ZATO TAPITRISA TAON-KAZAVANA. IZANY HOE VOAFETRA AMIN'NY **VONDROM-BAHINDANITRA**
IREO MAHANDRY TANTANA MANDRITRA NY FOLO MILIARA TAONA DIA HAHITA NY FIFORONAN'NY **VONDROM-BONDROM-BAHINDANITRA** (VONDRON'NY VONDROM-BAHINDANITRA)
KANEFA MITATRA HATRANY NY TONTOLO. AMIN'NY ANKAPOBENY IZY DIA MIBOHAKA FA NY EO AN-TOERANA KOSA ANEFA DIA MIFINTINA
HO HITANAREO TSARA...
TSY HAY HOE INONA MARINA NO TADIAVINY !


100000 TAONA, MAFANA SY MALAMA-LAMA TAHAKA NY ATODY NY TONTOLO
ABONTSIKO KELY IHANY....
700 000 TAONA... MISEHO IREO FITRIA-RANA VOALOHANY
MARI-PANA...
...LATSAKY NY 3000°
MIFORONA IREO FIANDOHAM-BONDRON-KINTANA
ZATO TAPITRISA TAONA
MITRESAKA FANINDROANY ILAY IZY
INDREO NY VAHIN-DANITRA
ABONTSINO IHANY FA MAHALIANA IZY IZANY
EH, MBOLA MITRIATRA INDRAY ILAY TONTOLO
TOY NY HOE TSY MANAIKY HITOMBO INTSONY IZY
DIA INDREO NY VONDROM-BAHINDANITRA
TSY ATAHORA-NAREOOOO...





# VOKATRY NY FIFANDONANA








(*) AINGA FAHAROAN'NY HAIHERINKAFANA





 (*) MITOMBO ARAKARAKY NY LANJAN'ILAY VONDRONA NY **FOTOANA LANY HISEHOAN'IO FANJAVONANA IO**.


MIFANOHITRA AMIN'IZAY INDRAY, IO FIFANDONANA KISEN-DRASENDRA IO KOA DIA HITERAKA **SINGA FARAN'IZAY VOTSA**, IZAY VOATARIKA "HILATSAKA" EO AFOVOAN'IO **RAFITRA MIFAMPISINTON-KERY SY MIFANDÒNA** IO, ARY HIANGONA EO. NY IVON'NY **VONDRO-MIFANDONA** (IFANENAN'NY SINGA MARO), NOHO IZANY, DIA LASA MIHAZONA IREO SINGA FARAN'IZAY **MAVESATRA**.
JEREO ANIE OHATRA NY ZAVA-MISEHO EO AFOVOAN'IO **VONDROM-BAHINDANITRA** IO E ! MIFANATONA IREO VAHINDANITRA **VOTSAVOTSA** MBA HANOME **VAHINDANITRA MITELINA VAHINDANITRA HAFA**
MANOMBOKA MILENTIKA TANTERAKA ILAY ANDRY ITOERANY...
OAY LEITY E, OHATRA NY TSY HAHAZAKA IZY IZANY!...

# LAVAKA MAIZINA





TOA NITONY ILAY IZY
IRENY FA NIVERINA IHANY I MAX SY TIREZIASY
TOA TAFATSOAKA IVELAN'NY **LAVAKA MAIZINA** RANAMANA IZANY
INDRISY MANTSY FA TSY MAHATANTY NY ZAVA-DREHETRA AKORY NY ANDRIN'NY PLANETA-TONTOLO. RAHA VESARANA LOATRA IZY DIA MILEFITRA
LAVAKA BE IZY IZANY ! TSY **TAZANA** AKORY NY **FARANY**...
MAZAVA HO AZY, NA NY FÔTÔNA AZA TSY TAFAVOAKA AVY AO...
TSY HO TAFAVOAKA ATO MIHITSY AHO. TOA VERY MAINA FOTSINY **NY HERIKO**
ITO **FIRODANANA** ITO IZANY NO NITERAKA IREO **ONJAM-PIFAMPISINTONAN-KERY** TEO ALOHA TEO IREO...
HAFA INDRAY ITY
AZA MANAMO-RONA BE LOATRA E!

# ILAY AFOMANGA MAKADIRY




NIHA-NALEFOLEFO KOKOA ILAY ANDRY. TENA NAMPIHENA NY TSINDRIN-TARATRA TOKOA ILAY **FIITARAN'NY TONTOLO**.
AHOANA NO AHAFAHAN'NY **FANDRANON-JAKA** HITOHY INDRAY ANDRO ANY ? RAHA MANDRANO IREO VONGAMBONGANA DIA HIHOATRA HO AZY NY **3000°** NY MARI-PANANY, NOHO IZANY DIA TSY HITSAHATRA MIHITSY NY FIRAIKETANA AMIN'NY **ATI**M-PISANDRAHANA ARY IO ATY IO DIA HO VOATARIKA AMIN'NY FANDRANO FOANA, SA AHOANA ?
FIANDOHAM-BONDRON-KINTANA
MARINA IZANY RY LEON, FA IZAO INDRAY DIA HO AFAKA "MAMINTINA NY **MANGABANGABAKA**" RAFETIN'NY FÔTÔNA MAHANTRA ANGOVO, NY HERY MIFAMPISINTONA AO AMIN'ILAY FIANDOHAM-BONDRON-KINTANA
NY FARITRA ITOERAN'ILAY VONGAMBONGANA, ILAY **FIANDOHAM-BONDRON-KINTANA**, DIA AZO RAISINA HO TOY NY FIFANGAROAN-**JAKA** SY "**MANGABANGABAKA**", IZANY HOE IREO FÔTÔNA TAMIM-BOALOHANY, ARY IREO REHETRA IREO DIA MAHATRATRA **3000°**
DIA AHOANA REHEFA MANDRANO IZY ?




 (*) AMIN'NY TENY **LATINA** AO AMIN'NY LAHATSORATRA


**MIKAINKONA IREO FIANDOHAM-BONDRONA**. MIAKATRA NY MARI-PANANY. MAMOAKA ANGOVO BE DIA BE AMIN'NY ALALAN'NY TANA AMBONIN'NY VOLOMPARASY NY ATOMA KA MIELY IO
OAY, MITRESAKA IREO FIANDOHAM-BONDRON-KINTANA
FA MANI-NONA ?
NOHO NY FIFAMPISINTONAN-KERY DIA MIRONA HO AZY AMIN'NY **FITRESATRESAHANA** HO "SELA MARO" MANANA TANA MITOVY AMIN'NY **TANAN'I JEANS** NY ZAKA. LEHIBE KOKOA IO REHEFA AMBONY NY MARI-PANA. RAHA TOA KA MIDINA BE SY TAMPOKA NY MARI-PANA DIA MIHENA NY TANAN'I JEANS ARY LASA KELY NOHO NY TANAN'ILAY RAHA. NOHO IZANY DIA MITRESAKA EO NOHO EO IHANY ILAY IZY.
MIKAINKONA SY MIHA-MAFANA ILAY BAINGA
AVOAKANY MAFY BE NY TANA AMBONIN'NY VOLOMPARASY
MAMPANGATSIAKA AZY IZANY ARY MITRESAKA IZY




# NY FIOMBONANA




RAHA IZAO NY FANDEHANY DIA HO MOSARENA HIDROZENA RY ZALAHY IREO, SOA IHANY FA KELY SISA IZY IREO DIA HITONY
MANOME TOKY AHY IZANY TENINAO IZANY
IZANY HOE NIVADIKA KINTANA DAHOLO IZANY NY ZAKA ?
TSY DIA IZAY LOATRA. REHEFA MISY KINTANA TERAKA DIA MANAPARITAKA TANA SY ZAKA IZY. VOKATR'IZAY DIA MANAFANA (IZANY HOE MAMPITOMBINA) NY ZAKA EO AKAIKINY EO IZY NA MAMPITRESAKA IZAY EO AN-DALAM-PIFORONANA EO AMIN'NY MANODIDINA AZY.
IZANY HOE, AMIN'IO FOTOANA IO NY **VAHINDANITRA** DIA FIFANGA-ROAN-KINTANA TENA "MPAMOAKA TANA" SY **FAIKAN'ETONA**


MAMOAKA SY MANAPARITAKA ANGOVO NY KINTANA ARY MANAFANA AN'ILAY ETONA KA MAMPITOMBO NY **TSINDRINY**...
VAHINDANITRA
ARY MAMPIBONTSINA ILAY AVAN'ETONA IREO **HERIN-TSINDRY** IREO.
ETONA
VAHINDANI-KINTANA
FAIKAN'ETONA
MIHOATRA NY FEFIN'IREO **"VAHINDANI-KINTANA"** IO **"SOSON-DRIVO-BAHINDANITRA"** IO
TOA VERY ETONA TANTERAKA IO VAHINDANITRA MAVESADANJA (KINTANA AN'ARIVO LAVITRISA) IO. FA NAHOANA ?
MARINA IZANY ! NANKAIZA NY **FAIKAN'ETONY** ?
A
SAO DIA TSY NANANA MIHITSY IZY ...
EFA NITONY ILAY IZY IZAO. FA TENA TOY NY **LAFAORO** MIHITSY IZY TAMIN'IREO KINTANA ARIVO LAVITRISAN'NY VAHINDANITRA IREO NIARA-NIREHITRA TAMPOKA





(*) JEREO NY BOKY **SI ON VOLAIT ?** ED. BELIN



NOHO IZANY NY VAHINDANITRA REHETRA AO AMIN'NY **VONDRONA** IRAY DIA HILONA AO AMIN'IO TOERANA MANJAVOZAVO MAHATRATRA AN-TAPITRISANY DEGRE SY NIHEM-BESATRA , NAELIN'NY VAHINDANITRA MAVESA-DANJA IO.
VAHINDANITRA MAIVANA
VAHINDANITRA MAVESATRA
TOY NY LAFAORO TSY DIA MAHERY VAIKA IREO VAHINDANITRA MAIVANA. NOHO IZANY DIA HIHAZONA NY ETONY IZY.
NY ENDRINY AO AMIN'ILAY DEBOKA-VONDRONA DIA TOY IRENY ATODY AO ANATIN'NY LAPOALY MAHAMAY IRENY.
MANANA "TAPOTSINY" SY "TAMENANY" IREO VAHINDANITRA MAIVANA, FA NY VAHINDANITRA MAVESATRA KOSA, IZAY LAZAINA HOE **MISALAVALAVA**, DIA TAMENANY MAKADIRY FOTSINY.
MAMPITOMBO NY VINAVINA HISEHOAN'NY FIFAMALIAN'ASA EO AMIN'NY VAHINDANITRA NY FISIAN'NY AVAM-PAIKAN'ETONA. MITOMBO ARAKA IZANY NY FIHODINKODINAN'IREO AVAN'ETONA.


NITONY DIA NITONY ERY IREO KINTANA. RAHA OHARINA AMIN'NY TOETRA NIAINGÀNY IZY IREO DIA LASA TOY NY IROKA TSOTRA FOTSINY
RAHA NITOHY TOY NY TEO ALOHA NY FIREHINY DIA TSY HATEZA MIHITSY IZY IREO.
LASA MAMOAKA TANA NY FAIKAN' ETON'IREO VAHINDANITRA MAIVANA
AVY AIZA IO TANA IO ?
AVY AMIN'NY ATOMA, JEREO ANIE E
MIFANDONA NY ATOMA ROA...
... KA ARAHIM-PANDEFASANA TANA IZANY. ARY MANDRITR'IO SEHO IO DIA LASA ANGOVOM-PANDEFASAN-TANA NY AMPAHANY IRAY AMIN'NY ANGOVON-KAFAINGANANA
MIHENA NY HAFAINGANAM-PIHETSIKETSEHANA ARA-PANAN'NY ATOMA. **MIHA-MANGATSIAKA** ILAY ANTONTAN'ETONA ARY RAHA VAO MIRESAKA **MARI-PANA** DIA MIANTRAIKA AMIN'NY **TSINDRY** IZAY


FAMPANGATSIAHANA ARA-TANA ILAY ETONA







NY **OHATRA FAKANTAHAKA** ASEHO ETO DIA FAMARITANA **ROA SAKA** (NY REFY NA SAKA FAHATELO DIA AMPIASAINA HANEHOANA NY FIVOLAN-TSINANA, NY SAHAM-PIFAMPISINTONAN-KERY, sns...) ZAVATRA TELO SAKA NY **VAHINDANITRA**. IREO VAHINDANITRA TSY MIHODINA, NA MIHODINA FA KELY, DIA HANANA ENDRIKA MANAKAIKY NY **KIBORY**. NY VAHINDANITRA MIHODINA HAINGANA KOSA DIA HO FISAKA TAHAKA NY MOFOMAMY KIREPY. NY ANTSIKA KOSA, IZAY ANTSOINA HOE **LALAN-DRONONO**, DIA MIHODIDINA NY TENANY AO ANATIN'NY **200** TAPITRISA TAONA. REHEFA MIAN-JERA EO AMIN'NY VAHINDANITRANY NY FAIKAN'ETONA DIA VOASAKAN'NY HERY MANDOSITRIVO NY FIFINTINANA MANARAKA ZOTRAN-TANA. TSY MISY KOSA MANOHITRA KOSA ANEFA NY FIFIN-TINANA MANARAKA NY TEZAM-PIHODINANA. MANANA ENDRIKA **KAPILA FARAN'IZAY FISAKA** NY FAIKAN'ETONA AO ANATIN'NY VAHINDANITRA :




Hoy ny Tale




# NY RAFITRA MITANGOLINGOLIKA




A...
MPAHAIFIZIKANKINTANA AHO
OAY, ARY MBA IZA KOA ITY ?
DIA INONA DAHOLO NO ILÀNA AN'IRENY TANDRO-BIBIKELY BE DIA BE IRENY ?
MORA ANDRAISANA KOKOA NY SEHO REHETRAN'NY VAHINDANITRA IREO
IANAO MOA EFA ETO IHANY KA MBA AZONAO LAZAINA AMINAY VE NY ANTONY AMPY NAHATONGA NY **RAFITRA MITANGOLINGOLIKY NY VAHINDANITRA** ?
IZANY NY SPESIALISTA IZANY !
NY RAFITRA MITANGOLIN-GOLIKA !?
IZAY INDRIN-DRA
NANJAVONA TEO IZY !..
AFERA MAIZINA...
VALIN-TENY MANJAVO-ZAVO
FLOP !
!


AZONAREO VE NY ZAVATRA NOLAZAINY ?
HOY IZY HOE FLOP !
TENA MBA TE-HAHAZO AN'IZANY AHO
HITAKO NY HEVITRA
VOALOHANY INDRINDRA DIA OVAIKO ENDRIKA TOY IZAO NY ATIN'ILAY LAPOALY...
NAPETAKAO AN-DRINDRA TAMIN'NY TAMPISAK'ILAY FANDEFASAN-KAPILA IO ZAVATRA IO. FA MANINONA ?
TSY AZOKO...
HAHITA NY TSY FAHITA IANAO !


FENOIKO RANO ILAY LAPOALY DIA AHODIKO AMIN'IZAY IZY REHETRA
IZAY !
MISOLO TENA NY TOERANA MANELANELAN-KINTANA NY LAPOALY ARY ILAY KAFE KOSA NO FAIKAN'ETONA MANELANELAN-KINTANA. RAHA AJANOKO TAMPOKA ILAY TAMPISAKA DIA HIHODINA HAINGAKAINGANA KOKOA NOHO NY LAPOALY ILAY KAFE ARY HISY ONJA MITANGOLINGO-LIKA HISEHO
NY RAFITRA MITANGOLINGOLIKY NY VAHINDANITRA MANANA FAIKAN'ETONA IZANY DIA VOKATRY NY FIFAMPIKASOHANA ARA-KETSIKY NY VONDRON-DRANOKA ROA : NY ETONA MANELANELAN-KINTANA SY NY "ETON-KINTANA", MIHODINA MANARAKA HAFAINGANANA SAMIHAFA IREO, KA "MIFAMPIKASOKA" TAHAKA NY IKASOHAN' ILAY RANO AMIN'NY ATIN-DAPOALY...
... TOY NY IKASOHAN'NY KAFE AMIN'NY ATIN-KAOPY


ARY FA MANINONA NY VAHINDANITRA **MISALAVALAVA** NO TSY MANANA RAFITRA MITANGOLINGOLIKA ?
TSOTRA FOTSINY, SATRIA TSY MANANA **FAIKAN'ETONA** IZY IREO. NARIANY IO FAIKA IO NANDRITRA NY FOTOANA NAMPIREHETANY IREO **KINTANA VOALOHANY**
NY **FIFAMPIKASOHANA ARAKETSIKA** IHANY KOA NO MITERAKA RAFITRA MITANGOLINGOLIKA REHEFA RITINA NY RANON'NY HEBON-DOVIA
MAZANA BE ANIE IZANY ZAVATRA LAZAINAREO IZANY E. NY LAKILEN'NY TSIAMBARATELON'IREO VAHINDANITRA ANIE IZANY DIA METY HO AO ANATIN'NY KAOPIN-KAFE NA HEBON-DOVIA E?!?
MOA VE IZANY IREO VAHINDANITRA KA LAVAKA FAMOAHA-MALOTON'IZAO TONTOLO IZAO ?
TEO ISIKA DIA NAMPIASA RANOKA SY RINDRINA HENJANA. NDAO INDRAY HANANDRANA RAFITRA MISY FIFAMALIAN'ASA AMIN'NY ANTONTAN-DRANOKA ROA
A
NANAGADRA ETONA TAO AMBANIN'ITY TSATOKATY ITY AHO ARY NASIAKO RANOKA TAO ANATIN'NY LAPOALIKO. IO RAFITRA IO DIA AHAFAHAKO MANDINIKA IZAY MISEHO REHEFA MIFAMALY ASA AMIN'NY ANTONTAN-DRANOKA NY VAINGAN'ETONA IRAY








(*) ETONA **FETRAMBONY** (SURCRITIQUE)
(**) IO SEHO IO DIA MITERAKA HAFANANA SY MAMATSY ANGOVO HO AN'ILAY TAFIOTRA (FA EFA TANTARA HAFA INDRAY IZANY)


NDEHA HIVERINA AMIN'ILAY MODELIM-BAHINDANITRA TEO ISIKA. NY VAINGAN'ETONA MIDIKA HO "ETON-KINTANA" DIA MIHODINA AO AMIN' ILAY "DEBOKANY". EO AMBONINY EO DIA MISY VAINGAM-PAIKAN'ETONA IZAY MIHODINA HAINGAKAINGANA KOKOA. IO DIA ARAHINA FIFAMPI-KASOHANA ARA-KETSIKA ARY MIOVA NY FITSINJARAN-DANJA FA MANANA RAFITSARY MITANGOLINGOLIKA ILAY FIKORONTANANA.
NY FIVANGONGOAN-DRAHA REHETRA (KINTANA NA ETONA) DIA MANDOAKA TSY MANGATAK'ANDRO AN'ILAY ANDRY. IZAY ITOERAN'NY LANJA DIA TSY MAINTSY MISY FIVOLAN-TSINANA
ANDRY SAVORINALA
IZANY HOE HISY KARAZANA LOHASAHA MITANGOLIN-GOLIKA HISEHO, KA HIFANATONA AO NY ETONA
FA HATRAMIN'IZAO ALOHA AHO DIA TSY MAHITA FIVANGONGOAN'ETON-DRANO E
NDEHA HANDRAOKA ETONA MANELANELAN-KINTANA ALOHA
DIA HOJERENTSIKA IZAY MANJO ILAY ETONA MANELANELAN-KINTANA REHEFA "MIANJERA" AO AMIN'IRENY KARAZAN-DOHASAHA IRENY IZY...

# NY FANOVAN-JAKA EO AMIN'NY VAHINDANITRA




IZAO INDRAY DIA HANAMBOATRA **LOHASAHA** AMIN'NY ALALAN'ITY KARAZANA FANIPIHANA ITY AHO
TOY IZANY KOA : TERAKA AO ANATIN'IREO LOAKA NA LOHASAHA IREO KINTANA
ANDRY SAVORINALA
MARINA NY AN'I ANSELME: NY KORONTANA MITANGOLINGOLIKA, IZAY MIHODINA MIADANKADANA KOKOA, DIA MISEHO AMIN'NY ALALAN' IREO KARAZANA LOHASAHA TSY DIA MILEMPONA BE IREO (ISAN-JATO VITSIN'NY LEMPONA FAOBEN'ILAY "DEBOKA-VAHINDANITRA")
ANDRY SAVORINALA
MIHODINA HAINGAKAINGANA KOKOA NOHO ILAY KORONTANA MITANGOLINGOLIKA NY ETONA MANELANELAN-KINTANA. ETO ISIKA DIA MAHITA SINGAN'ETONA EO ANDALAMPITSOFOHANA AO AMIN'ILAY " KARAZAN-DOHASAHA "







# IREO TAFIOTRAN' IZAO TONTOLO IZAO




KANEFA IRENY KINTANA TANORA IRENY DIA TSY HITA RAHA TSY ANY AMIN'NY TANANA MITANGOLINGOLIKA ARY NY AMANTARANA NY FISIANY DIA IZY MANAZAVA MAFY DIA MAFY NY ETONA MANELANELAN-KINTANY...
HADINONAO RY LEON FA TSY MAHARITRA ELA ANIE NY FAHATANORAN'IREO KINTANA IREO E. IRAY ALINA TAONA RAHA BE INDRINDRA, IZANY HOE FOTOANA HANDREHETANY HIDROZENA FARAN'IZAY BETSAKA FOTSINY. REHEFA MANDAO IREO TANANA IZY IREO DIA EFA **MIALA AINA**, EFA TOY NY VAINAFO SISA.
DIA TSY HITA INTSONY IZY AVY EO
TSY HITA KOA NY **ETONA MANELANELAN-KINTANA** RAHA TSY HOE AO AMIN'IREO TANANA SATRIA AO IZY DIA HAZAVAIN'IREO KINTANA TANORA IREO. REHEFA TAFAVOAKA IVELAN'NY TANANA IZY DIA MIVERINA MAIZINA.






# NY FIHODINKODINANA ARAK'ELANELANA PITINY




RAHA TSORINA DIA HOE MIHODINA HAINGANA KOKOA NOHO NY MANODIDINA AZY NY FARITRA IVON'NY VAHINDANITRA
TENA HEBON-DOVIA MARINA ITY !
ASA HEVITRA TSY AZO TOHERINA AMIN'I TIREZIASY INTSONY IZANY HATRAMIN'IZY SAIKA NANJAVONA TAO AMIN'NY LAVAKA MAIZINA!
TSY RATSY ANIE IZANY HEVITRA IZANY E. MARO IREO OLONA NO MIHEVITRA FA MISY LAVAKA MAIZINA LEHIBE EO AFOVOAN'IREO VAHINDANITRA...
ITO MISY VAHINDANITRA " TENA IZY", MIARAKA AMIN'NY HETSIKA TELO SAKANY :
RAHA EO AMIN'NY SARY IREO KINTANA, IZAY SINGA AO AMIN'NY "ETON-KINTANA" (IZANY HOE AZO RAISINA HO "MOLEKIOLA") DIA MAMAKIVAKY ILAY KAPILAN'ETONA FARAN'IZAY FISAKA, ISAKY NY HODIDINA IRAY.
IZANY NO MANAZAVA HOE MANINONA NO BITIKA DIA BITIKA NY FIFAMALIANASA EO AMIN'NY TOERAN-KINTANA SY NY TOERANA MANELANELAN-KINTANA
KAPILAN' ETONA
SATRIA VE TSY MIFAMALY ASA AMIN'ILAY ETONA IZY IREO RAHA TSY HOE AMIN'NY FOTOANA AMAKIVAKIANY AN'IO KAPILA FISAKA IO ?
IZAY INDRIN-DRA !






(*) AO AMIN'IREO VAHINDANITRA "TENA IZY" DIA MANAKAIKY AN'IO TANA IO KOA NY HATEVIN'ILAY KAPILA


FA HANOHY HIHAMANGATSIAKA EO AM-PAMOAHANA TANA IHANY VE IREO VAINGAN'ETONA IREO ?
IE, FA NY ZANA-KINTANA TERAKA AO ANATIN'IREO RAHONA IREO DIA HAMERINA ANGOVO AO TSY AN-KIATO
HO HITANAO EO TSARA. HANAO FANANDRAMANA ISIKA. MAKA TAKAMOA MAMOAKA TANA AMBONIN'NY VOLOMPARASY AHO
HANAMAINTY HODITRA IREO VAINGAN-JAKA MANELANELAN-KINTANA VE IANAO ?
HAFANAIKO AMIN'ITY KARAZAN-TANA MAKA TAHAKA NY TANA ALEFAN'NY ZANA-KINTANA TENA MAHAMAY ITY ILAY VAINGA. RAHA VAO MIRESAKA **HAFANANA** DIA TAFIDITRA AO KOA NY **TSINDRY**, ARY NY FITOMBOAN'NY TSINDRY ANATINY DIA MANABONTSINA ILAY VAINGAN'ETONA.
RAHA MAFY LOATRA NY FAMOAHANA ANGOVO DIA AFAKA MANAPARITAKA NY ZAKA MIHITSY AZA AHO, REHEFA AVY NAMPITRE-SAKA AZY
ITY MISY FANON-TANIANA TAVELA : **INONA** NO ATAO HOE **KINTANA** ?

# SEHON-KINTANA





DIA MITONY AVY EO IZY KA MANDALO FOTOAM-PIADANANA MAHARITRA ELA
MIKONONKO-NONA MANGIN-GINA AO IZY
INDRAY ANDRO DIA NIHA-TSY AMPY NY HIDROZENA
!?
MILATSAKA ILAY "TAKOTRA", IZANY HOE MIFINTINA ILAY KINTANA. MIAKATRA NY HAKITROKA SY NY MARI-PANA, MIAKATRA
BLOTSH
MATETIKA DIA MIPOAKA ILAY KINTANA SATRIA MISY FIOTAM-PITSONIHANA MANOMBOKA HAINGAKAINGANA TAMPOKA EO, MITELINA ILAY HELIÔMA NIFORONA SY NY KARBÔNA ARY AVY EO NY SILISIÔMA
LASA KINTA-MAZAVABE IZY
SOA IHANY FA INDRAY MANDEHA ISAN-TAON-JATO IHANY IZANY ZAVATRA IZANY NO MISEHO AO AMIN'NY VAHINDANITRA IRAY !
NILATSAKA TAO AMIN'NY ATINY FARANY LALIN'ILAY VILANY ILAY TAKOTRA. ZAVATRA IRAY FADIRANOVANA SISA TAVELA. RATSY FIAFARA







(*) IRAY HETSY TAON-KAZAVANA NY SAVAIVON'NY VAHINDANITRA IRAY.

# KARAZAN-KINTANA




NAHAZO IANAO IZAY ! LAVAKA MAIZINA !
ANTSASA-DANJAN-KINTANA IZANY VAO TENA AMPY
OAY, MARINA IZANY ! SADY ILAY ERANA KOA TSY MIVAINGANA RAHATEO ...
IZAY. TAORIAN'NY DINGANA VETIVETIN'NY FANDREHETANA AZY INY DIA NIHAZO NY NGADONA HOTAZONINY MANDRAKIZAY ILAY KINTANA
FLOTS FLOTS FLOTS
OAY, ARY INONA INDRAY IZANY ?
CÉPHÉIDES
FLOTS FLOTS
CEPHEIDE
NAHAVOATRA **KINTANA MIOVAOVA** IANAO. MIHAZOHAZO NY SAVAIVONY ARY ISAKY NY MIFINTINA IZY DIA MAMOAKA FEHEZAN-TANA
ARAKARAKY NY MAHABE NY LANJAN'NY **CEPHEIDE** NO MAHAELA NY TSINGERINY. NY FANDRAISANA MARI-DREFY AVY ETY ALAVITRA ETY DIA NAHAZOAN'NY MANAM-PAHAIZANA NAMPIASA IRENY KINTANA IRENY HANDREFY NY HALAVIRANA MANASARAKA ANTSIKA AMIN'NY VAHINDANITR'I ANDROMEDA
Ny Tale


REHEFA MAVESATRA NY KINTANA IRAY DIA MIVOATRA HAINGANA KOKOA IZY. NY KINTANA MITOVY KARAZANA AMIN'NY MASOANDRO DIA AFAKA MISONONOKA MORA AN'ARIVONY TAPITRISA TAONA, KANEFA NY KINTANA TANORA, MAVESATRA, DIA MANDANY NY HIDROZENA ANANANY AO ANATIN'NY IRAY TAPITRISA TAONA. FIPOAHAM-BE ARY NO IAFARANY.
1 LANJA-MASOAN-DRO
10 LANJA-MASOANDRO
KINTANA ATAHORANA NY KINTANA MAVESATRA
NDEHA HAMETRAKA FANONTANIANA TOY IRENY AN'I TIREZIASY IRENY AHO: INONA NO ILÀNA NY KINTANA ?
FANONTANIANA TSARA PETRAKA !
IHARAN-TSINDRY MAFY BE NY OVAN'ATOMA EO AFOVOAN'NY KINTANA. NY FIKAMBANAN' NY OVAN'HIDROZENA EFATRA DIA MANOME....
... HELIÔMA

# NY VIHIN'IZAO TONTOLO IZAO






# RAHONA & ORANA





ANSELME, INONA ITY ATAONAO ?
AVIA HANARAKA AHY
FOTOANA FANAOVANA FAMINTINANA IZAY ZAVATRA FANTATSIKA REHETRA MOMBA NY VAHINDANITRA IZAO
IRETO ATY AMIKO IRETO NY ORIMPISAINANA TSARA INDRINDRA
ZAKA. KINTANA ROANJATO LAVITRISA ALOHA
DIA ETONA MANELANELAN-KINTANA KELY
HAROHAROINA IZY REHETRA
FA... INONA ITY ZAVATRA MISEHO ITY ?
HANJAVONA DAHOLO VE !!?
SOFIA A, KETRAKA AHO. TENA NIPOAKA ILAY VAHINDANITRO. KANEFA AHO NAMPIASA IREO ORIMPISAINANA FARAN'IZAY VAOVAO !
TENA TSY NAHOMBY...

# NY LANJA BANGA




MIPOAKA NY FARITRA IVELAN'NY KINTANA RAHA TOY NY AN'NY **KINTA-MAZAVABE** NY FIAFARÀNY. NY FIFINTINANA ANATY ATERAK'IZAY DIA METY HAMINTINA NY OVANA IVONY ARY METY HANOVA AZY HO **LAVAKA MAIZINA** MIHITSY AZA
DIA MITOMBO ISA INDRAY NY ZAVA-TSY AZO BANJININA
MBOLA MISY VE NY KINTANA TANY AM-PIANDOHÀNA, NIARA-TERAKA TAMIN'NY VAHINDANITRA, KANEFA MBOLA AZO TSIKILOVINA ?
MISY TOKOA ANY ANATIN'NY VAHINDANITRA ANY NY KINTANA ANTITRA BE SY MITANGORONA AO AMIN'NY **VONDRONA KIBORY**, ARY NIREHITRA NANDRITRA NY DIMY AMBIN'NY FOLO LAVITRISA TAONA. IZANY DIA HITA AO AMIN'NY VAHINDANITRA REHETRA, IZAY NIARA-TERAKA




# VONDRON-KINTANA







(*) NY FOTOANA ANJAVONAN'NY VONDRONA IHARAM-PIFANDONANA ANATY DIA MIANKINA AMIN'NY LANJANY



RAFITRA MITOMBINA TSARA NY FITAMBARAN'NY KINTANA ROA MANANA LANJA MITOVY NA SAMY HAFA. IREO RAFITRA ROA FOTOTRA MAROBE MANERANA IREO VAHINDANITRA IREO DIA TSY INONA FA FAMANTA-RANA FOTSINY HOE MPONINA TAO AMIN'NY VAHIN-DANITRA IRAY IHANY IREO MPIVADY
MOA VE TSY MAINTSY MANARY TSIMORAMORA NY KINTANY KOA IREO VAHINDANITRA ?
MBA HISEHOAN'IZANY DIA TSY MAINTSY MAHAZO HAFAINGANANA AVO BE MIHOATRA NY HAFAINGANAM-PITSOAHANA NY KINTANA, AMIN'NY ALALAN'IREO FIFANDONANA MARO. KANEFA NOHO IZY IREO MIPARITAKA ERAN'NY VAHINDANITRA, DIA MIKAMBANA HO RAFITRA TSY MIFANDONA NY KINTANA. TSY MIFANENA MIHITSY IZY IREO. NOHO IZANY DIA TSY MANARY KINTANA IREO VAHINDANITRA.
RAHA HISAFIDY IHANY DIA ALEOKO IZAY...
MIBANJINA ITY VONDRON-KINTANA KELY VAO TERAKA ITY AHO. RAHA DINIHINA DIA MITOVY AMIN'IREO VAHINDANITRA TANORANTSIKA IZY IREO. MAFANA IZY, VOAHODIDINA AVAN'ETONA SY VOVOKA : IZANY HOE IO NO SOSON-DRIVOTRA HO AZY...

# NY PLANETA



MIVEZIVEZY AO AMIN'ILAY VONDRONA KELINY IREO KINTANTSIKA, TAHAKA NY ATODY ANDAMPY AO ANATY LAPOALY FENO MENAKA. MAMPIHODINA NY AVANA KELINY IREO FIFANDONANA
NIZARAZARA TOY NY VIHY ILAY VONDRONA. NITONY IREO KINTANA. DIA IZAHO KOA TOA AZY.
MANAKANA NY VOVOK'AVANA HIANJERA EO AMIN'NY KINTANA NY HERY MANDOSITRIVO. MITAMBATRA HO FARIBOLANA MIRA IVO KOSA IREO AVANA.
ISAKY NY FARIBOLANA, ISAKY NY SORIDALA-MANODIDINA, DIA MISY PLANETA MIFORONA.
NY PLANETA LEHIBE INDRINDRA EO AMIN'NY SORIDALA-MANODIDINA IRAY DIA MISAMBOTRA IREO PLANETA MAIVANA KOKOA MBA HO LASA ZANANY
DIA IZAY. TAPITRA EO NY FITOHITOHIZANA


HANDRANO SY HO LASA KARAZAN'**AVAN'ORAM-PANALA MALOTO** NY FARITRA MIENDRIKA ETONA AO AMIN'IO **SOSON-KINTANA IFOTONY** IO. MBETIKA DIA MISY FIFANDONANA EO AMIN'NY SINGA ROAN'IO FEHY IO. DIA NA MITOMBO HAFAINGANANA ILAY VAINGA KA ILAOZANY NY **RAFI-MASOANDRO**, NA MIHAMIADANA IZY KA REHEFA "MIANJERA" EO AMIN'NY IVON'ILAY RAFITRA DIA MIVADIKA HO **KINTANA MANAN-DRAMBO**.
KINTANA MANAN-DRAMBO
VAINGAN-DRANO-MANDRY
VELOMA E!
MANINONA RAHA JERENTSIKA AKAIKY IREO PLANETA IREO ?
MAHAMAY BE ITO PLANETA VAO TANORA ITO
MANDEVONA NY **URANIUM 235 MIVAKY OVANA** SY VAO NOSAMBORINY TEO AM-PIFORONANY IZY
SNAP


OAY LEAZA !? **MPANAO FIOTA NOKLEARY** KAY IREO KINTANA TAMIN'NY FOTOANA NIFORONANY !?
FA MANINONA NO **TAMIN'NY ?** MBOLA IZANY IHANY IZY AMIN'IZAO ! AHOANA NO IHEVERANAO FA MIHAZONA NY ÔVANY MITSONIKA NY TANY ?
PLOTSS!
EH !
HAFANAIN'IREO TAINKINTANA MANDONA AZY KOA IZY REHEFA **"MAMAFA TRANO"**
NDAO HIJERY AKAIKY KOKOA
A


ANSELME A, ANDRASO AHO !! MITANDREMA FA MBOLA MAROBE IREO AFOTROA
LEIRY IO AN... TSY MAHAY MITANDRINA MIHITSY !


DIA AHOANA RY TIREZIASY A... NIVERINA TAMIN'NY LAONINY VE NY RAMBONAO E ?
mi !


ETO AMBONY **PLANETA** IZANY ISIKA IZAO. MISY ORAM-BE MAMAFA TSIKE-LIKELY NY TAKOM-PERY NAVELAN'NY TAI-KINTANA. EFA t=FOLO LAVITRISA TAONA NO MISY ANTSIKA IZAO ARY NIDINA **4** DEGRE KELVIN NY MARI-PANAM-PISANDRAHAN'NY TONTOLO
AFAKA MANOMBOKA TANTARA VAOVAO ISIKA IZAO : NY **BOKIN'AINA** NA BIOLOGI-CON. SOFIA NO NITATITRA MIVANTANA TAMINAREO, AVY ETO AMIN'NY TONTOLO.
TAPITRA


METY HOE FAMPIELEZAN-KEVITRA
SIANTIFIKA GOAVAM-BE IRAY FOTSINY
IZAO TONTOLO IZAO : IZANY HOE TE-
HAMPITA HEVITRA IRAY AMINTSIKA
ANDRIAMANITRA...

| MALAGASY | FRANTSAY |
|---|---|
| AFOTROA | VOLCAN |
| AMBONIN'NY VOLOMPARASY | ULTRAVIOLET (UV) |
| ANGOVOM-PANDEFASAN-TANA | ENERGIE RADIATIVE |
| ANGOVOM-PIFINDRANA | ENERGIE DE TRANSLATION |
| ANGOVOM-PIHODINKODINANA | ENERGIE DE ROTATION |
| ANGOVON-KAFAINGANANA | ENERGIE CINETIQUE |
| ANJANANDRIANARATRA | ELECTOMAGNETIQUE |
| ARAK'ELANELANA PITINY | DIFFERENTIEL |
| ATODY ANDAMPY | ŒUF SUR LE PLAT |
| BARIA | ELECTRON |
| BONIA | CLAIRVOYANT (ADJECTIF) |
| BOTRIFOTSY (KINTANA) | NAINE BLANCHE |
| BOTRIMAINTY (KINTANA) | NAINE NOIRE |
| FAHALEFOLEFO | SOUPLESSE |
| FAMPIMIRANA | EQUATION |
| FANDRANO | CONDENSATION |
| FANJAVOZAVO | NEBULOSITE |
| FANOVAN-JAKA | METABOLISME |
| FIFANIZINANA | COMPACITE |
| FIHETSIKETSEHANA ARA-PANA | AGITATION THERMIQUE |
| FITSONIHANA (FIKAMBANANA) | FUSION |
| FIZIKANKINTANA | ASTROPHYSIQUE |
| HADIRY | VOLUME |
| HAFAINGANAM-PANDEHAM-PAHAFAHANA | VITESSE DE LIBERATION |
| HAIHERINKAFANA | THERMODYNAMIQUE (NOM) |
| HAIHERY AMAN-KETSIKA | DYNAMIQUE |
| HARY RIO | IONISE |
| HEBON-DOVIA | EVIER |
| HERINKAFANA | THERMODYNAMIQUE (ADJ) |
| IFOTONY | ORIGINEL |
| KABIÑO | OSCILLATION |
| KINTA-MAZAVABE | SUPERNOVA |
| KITIDRAHA | PARTICULE |
| LANJAN'ISAM-BENTIN-KADIRY | MASSE VOLUMIQUE |
| MALEFOLEFO | SOUPLE |
| MANDOSITRIVO | CENTRIFUGE |
| MANDRANO | CONDENSER |
| MANELANELAN-KINTANA | INTERSTELLAIRE |
| MANGABANGABAKA | VIDE |
| MARI-DREFY | ECHELLE |
| MIABO | POSITIF |
| MIHANDRONA | STAGNER |
| MIHEM-BESATRA | SE RAREFIER |
| MIHIZINA | COMPACT |
| MIIBA | NEGATIF |
| MIRA IVO | CONCENTRIQUE |
| MPANDRISIKOTO | CATALYSEUR |
| OVANA | NOYAU |
| PITINJAKA | PARTICULE |
| RAHA | MATIERE |
| RANOKA | FLUIDE |
| RANON-JAKA TSY MIFANDEVONA | EMULSION |
| SAVAIVO | DIAMETRE |
| SAVORINALA | MOUSSE |
| SENGITRY | BALLON (BAUDRUCHE) |
| SINGAFOTOTRA | ELEMENT |
| SORIDALA-MANODIDINA | ORBITE |
| SOSONDRIVOTRA | ATMOSPHERE |

| | |
|---|---|
| TANA | RAYON |
| TARATRA | RADIATION |
| TSATOKATY | CLOCHE |
| TSINDRY | PRESSION |
| TSINGERINA | PERIODE |
| TSIRATSIRAKA | FILAMENT |
| VAHINDANITRA | GALAXIE |
| VIHY | SPORE |
| VOATROVANA | NUCLEOSYNTHESE |
| ZAKA | MATIERE |

Iaraha-mahalala fa tsy ny Malagasy rehetra akory no manana rakibolana ahafahany mijery izay teny tsy fantany. Iaraha-mahalala koa fa amin’ny teny frantsay ny fampianarana any amin’ny ambaratonga rehetra. Teo am-pandikàna ity boky ity ho amin’ny teny malagasy ary dia niharihary fa tsy ho takatry ny mpamaky rehetra ny voambolana hampiasaina ato. Ka rehefa nandinika izahay dia nanapa-kevitra fa hasiana fanazavana ireo teny sarotra rehetra miaraka amin’ity boky ity mba ho tratra ny tanjon’ny SSF amin’izao asa fampielezana ataony izao.

Nous savons tous que seule une minorité malgache peut s’offrir le luxe de posséder un dictionnaire. Nous savons aussi que l’enseignement, à Madagascar, se fait en français. En toute connaissance de cause, et au cours de notre travail de traduction, nous en avons conclu que seule cette minorité pourrait comprendre les mots scientifiques utilisés dans cet album. Après réflexion, donc, nous avons décidé d’inclure ce lexique afin que le but de SSF soit atteint à travers cette vulgarisation.

Tantely RANDRIAMITANTSOA